



MINISTÈRE DU COMMERCE
ET DE LA CONSOMMATION

SECRETARIAT GENERAL



Antananarivo faha, 29 SEP. 2026

N° : 278 - 26 /MinCC/SG

FANAMBARANA

Ampandrenesina ireo MPANONDRANA JIROFO rehetra, mikasika ny famoahana ny fahazoan-dalana hanondrana ho an'ny taom-panondranana 2026-2027 fa:

- Ny fandraisana ny antontan-taratasy fangatahana fahazoan-dalana ho an'ny taom-panondranana 2026-2027 dia hisokatra ny 29 septambra 2026 ka hatramin'ny 17 oktobra 2026. Ny fametrahana ny fangatahana dia atao ao amin'ny «plateforme» **ALALANA**, an'ny Ministeran'ny Varotra sy ny Fanjifana: <https://alalana-mincc.digital.gov.mg>
- Miaraka amin'ity fanambarana ity ny lisitry ny antontan-taratasy takiana sy ny fomba fampidirana ny fangatahana.

Rehefa mivoaka izao fanambarana izao dia tsy manankery intsony ireo taratasy fahazaon-dalana manondrana tamin'ny taom-piotazana teo aloha.

Ny fahazoan-dalana hanondrana ho an'ny taom-piotazana 2026-2027 dia tsy omena raha tsy aorian'ny famoahana ny lisitry ny mpanondrana nankatoavina.



Dika mitovy :

- Ramatoa Minisitry ny Varotra sy ny Fanjifana
«*Ho an'ny tatitra*»
- Andriamatoa Talen'ny Kabinetra
«*Ho an'ny tatitra*»
- Ramatoa Tale Jeneralin'ny Varotra Ivelany
«*Ho fampahafantarana*»
- Ireo Talem-paritra rehetra misahana ny Varotra sy ny Fanjifana (DRCC)
«*Ho fampiharana*».

TOVANA 1: Lisitry ny antontan-taratasy hampidirina ao anatin'ny "plateforme" ho an'ny fangatahana fankatoavana ho mpanondrana jirofo ho an'ny taom-panondranana 2026-2027.

FANGATAHANA VAOVAO	FANAVAOZANA FANGATAHANA
- Taratasy fanekena momba ny fampodiana ny vola vahiny (Rapatriement de devises) - Porofon'ny fisian'ny kaonty banky na antsipirian'ny kaonty banky (RIB) - Fanekena momba ny ady amin'ny fampiasana ankizy hiasa (CRLTE) navoakan'ny DFOP - Fifanarahana fanofana voamarina avy amin'ny kaominina (raha mpanofa) na taratasy ara-dalàna manaporofa ny fananana ny toerana fitehirizana: Certificat Juridique (raha tompony) (na antontan-taratasy hafa manaporofa ny fananana ilay toerana) - Taratasy fanamarinana ny fisian'ny toerana fitehirizam-bokatra navoakan'ny Fokontany - Porofon'ny toeram-ponenan'ny mpitantana - Dika mitovy amin'ny Karapanondrom-pirenena (CIN) an'ny mpitantana - Sary vao haingana an'ny mpitantana - Fitsipika anatiny na sata mifehy ny orinasa (mba hamaritana raha mpitantana voatendry araka ny sata na tompony sady mpitantana ilay olona) - Antsipirian'ny fifandraisana amin'ny orinasa sy ny mombamomba ilay olona voatondro hifandraisana momba ny antontan-taratasy - Porofon'ny fandoavana vola any amin'ny Tahirim-bolam-panjakana (Trésor Public) ho an'ny fahazoan-dalana amin'ny toerana fitehirizana - Taratasy fanamarinana (Vignette de vérification) ho an'ny fitaovana fandrefesana sy fandanjana - Tantaran'ny asan'ny orinasa	- Fanekena momba ny ady amin'ny fampiasana ankizy hiasa (CRLTE) navoakan'ny DFOP - Fifanarahana fanofana voamarina avy amin'ny kaominina (raha mpanofa) na taratasy ara-dalàna manaporofa ny fananana ny toerana fitehirizana: Certificat Juridique (raha tompony) (na antontan-taratasy hafa manaporofa ny fananana ilay toerana) - Taratasy fanamarinana ny fisian'ny toerana fitehirizam-bokatra navoakan'ny Fokontany - Porofon'ny toeram-ponenan'ny mpitantana - Dika mitovy amin'ny Karapanondrom-pirenena (CIN) an'ny mpitantana - Sary vao haingana an'ny mpitantana - Antsipirian'ny fifandraisana amin'ny orinasa sy ny mombamomba ilay olona voatondro hifandraisana momba ny antontan-taratasy - Porofon'ny fandoavana vola any amin'ny Tahirim-bolam-panjakana (Trésor Public) ho an'ny fahazoan-dalana amin'ny toerana fitehirizana - Taratasy fanamarinana (Vignette de vérification) ho an'ny fitaovana fandrefesana sy fandanjana



Tovana faha-2: Fepetra takiana amin'ny fangatahana fankatoavana ho mpanondrana jirofo ho an'ny taom-panondranana 2026–2027:

- Ny fangatahana rehetra dia **atao ao amin'ny tambazotra** ary tsy ho tafapetraka ny fangatahana raha tsy mahafeno ireo fepetra voalaza ireo ny mpanondrana.
- Ireo tompon'andraikitra nahazo alalana avy ao amin'ny Sampan-draharaha misahana ny Kalitao sy ny Fonosana (Service de la Qualité et du Conditionnement) sy/na ny Vondrona misahana ny Fanaraha-maso ny Fonosana any amin'ny faritra mahefa (Poste de Contrôle du Conditionnement de la Direction Régionale du Commerce et de la Consommation) no manatanteraka ny fitsidihana ireo toerana fitahirizana sy/na fanomanana an'ireo entana haondrana ho an'ireo izay maniry hahazo taratasy fankatoavana fanondranana lavanila. Ny fametrahana ny **fangatahana fahazoan-dalana (agrément)** dia heverina ho fametrahana ihany koa ny fangatahana **fitsirihana ireo toerana fitahirizana sy/na fanomanana**.
- Ny fangatahana dia hokarakarina araka ny filaharan'ny fahatongavany ao amin'ny « plateforme ALALANA ». Noho izany, ny lisitra dia havoaka ny 31 Oktobra 2026.
- Ny antony nandavana ny fangatahana dia hampahafantarina ireo mpangataka rehetra, ary omena azy ireo ny fahafahana manitsy na mameno izay tsy ampy mandritra ny fe-potoana tsy mihoatra ny 30 andro, manomboka amin'ny daty nampahafantarana ny fandavana.
- Ho an'ireo fangatahana fanampiana rehetra, dia afaka manatona ny Tale-paritra sy ny "Service de la Promotion des Exportations" ao amin'ny Minisiteran'ny Varotra sy ny Fanjifana ireo mpandraharaha.

